POARAO SY TONGOLO MAITSO

Karazana poarao:

- Gros long d'été
- Perpétuel Antillais

1. FEPETRA ANKAPOBENY

1.1. Fisafidianana ny tany

- Tany lali-nofo, mivoraka, sady be roka.
- Azon-drivotra tsara sy azo ritina (na azo amainina).
- Tany mahatana hatsiaka.
- Tany baiboho na tany moron-drano, na tanety.

1.2. Fotoam-pambolena

- Azo atao mandavan-taona fa-tsara kokoa raha amin'ny ririnina.
- Maripana mety: 15 hatramin'ny 16°C.
- Azo atao ny mamafy ny volana marsa sy jona.
- Mety ny aogositra sy septambra.

1.3. Fifandimbiasam-boly

- Tsy tokony hifandimby amin'ny voly mitovy karazana aminy ao anatin'ny 4 ka hatramin'ny 5 taona (toy ny tongolo, tongolo gasy…)
- Tsy tokony hifandimby koa amin'ny karazana (varim-bazaha, na katsaka), satria mety hitondra ny aretina amin'ny vahatra.
- Ny tsara hodimbiasany dia ny voly karaoty sy ny anana.

2. NY TANINKETSA

2.1. Fanomanana ny tany

- Asaina lalina
- Aravona avy eo

2.2. Famafazana

- Afafy manara-tsipika na toratady eo amin'ny tany mando.
- Elanelan'ny toratady: 10 ka hatramin'ny 15 sm.
- Halaliny: 1 sm.

2.3. Fikarakarana

- Tondrahana matetika,
- Amin'ny fotoam-pamafazana dia itondrana NPK 15-15-20 : 40 kilao/ara ampiana nitrate de phosphate 20 kilao/ara mandritra ny fitomboany.
- Avaina tanana.
- Ny fitsimohana dia 10-15 andro aorian'ny famafazana.

3. FAMBOLEANA (FAMINDRANA)

3.1. Fanomanana ny tany

- Asaina tsara sady lalina ny tany
- Asiana zezi-pahitra na compost masaka tsara 15-20 t/ha

3.2. Fanamasahana ny tany

- Zezika be roka masaka tsara 15-20 t/ha.
- Tsy tsara any fampiasana azota tafahoatra.
- P2O5 alevina ambany asa.
- Ny kasinga hafa kosa (K2O sy Mg) dia tsinjaraina mandritra ny fitomboany.
- Aravona tsara ny tany

3.3. Fanetsana

- Tondrahana adiny iray alohan'ny hiavotana.
- Sorohina ny ketsa ary kendrena tsy hotapaka ny fakany.
- Fantenana izay tsara sy matanjaka.
- Atao anentany ny ketsa (na fehezina).
- Tapahina eo amin'ny ampahatelony ny raviny ary eo amin'ny atsasany ny fakany, alona anaty rihitra vita amin'ny zezi-pahitra
- Afindra amin'ny folakandro.
- Alentika mahitsy hatramin'ny 2/3 ny haavony.
- Hateviny : 8-12 fototra/m.
- Elanelan'ny laharana 50-60 sm.
- Tondrahana isam-potony

3.4. Fikarakarana

- Hevohevoina ny fanamboniny mba hiantohana ny fivezive zen'ny rivotra.
- Totofana ny fotony 2 na 3 volana aorian'ny fanetsana taorian'ny fievoana ary tohofana famindroany iray volana aorian'ny fanohofana voalohany mba hamotsiana ny fotony.
- Tondrahana matetika isam-potony ny maraina na ny folakandro.

3.5. Fiotazana

- 4 volana taorian'ny fanetsana arakaraka ny filana sy ny habeny ilaina.
- Ongotana ary diovina vonjimaika eo an-toerana.

4. FITEHIRIZANA

- Tehirizina amin'ny toerana mangatsiaka : poarao 0°C, tongolo maitso 4°C.

- Atao anaty harona plastika maina tsara, azo tehirizina 1-2 volana

4.1. Fitsaboana amin'ny aretina sy ny bibikely

4.1.1. Aretina

- Ravina loadoaka.
- Pentina amin'ny tendron'ny ravina malazo sy malazo.

Fiarovana :

- Hajaina ny fifandimbiasam-boly.
- Fampiasana masomboly voaaro mialoha.
- Famonoana mikraoba amin'ny taninketsa.
- Rano sy rivotra ampy tsara.
- Aorian'ny fiotazana : esorina tanteraka ireo fako avy amin'ny fiotazana.
- Ranona tain'omby (jereo voatabia ady amin'ny lagaly.

4.1.2. Bibikely

- Ady amin'ny lo fàka sy ny mavo ravina: alona anaty ranona tain'omby + ravina taretra+ lavenona ny zana-tongolo alohan'ny fanetsana.
- Ady amin'ny fahalovan'ny zana-tongolo: ranomena na Benomyl
- Ady amin'ny mandavenona: ranona tain'omby + taretra + lavenona
- Ady amin'ny renibem-pangaraka: ravina kaonsoda + tamotamo + taretra + savony gasy.